

## Hafatra avy amin'ny Tale Mpanatanteraka

Ry namana sy mpiara-miombon'antoka amin'ny fiarovana ny zava-boahary,

Amin'izao fotoana anoratoko izao dia mandalo fotoantsarotra ny firenentsika noho ilay valan'aretina Covid-19. Mavesatra ara-tsosialy sy ara-toekarena ny fiatraikan'izany. Ao anatin'izao vanim-potoana miavaka izao anefa, inona no tokony ho laharam-pahamehana hoan'ny firenentsika?

Ny famonjena aina dia vaindohan-draharaha mazava hoazy, ary isika isan-tokony dia tokony samy hanao izany araka izay tratrantsika avy. Ny fitadiavam-bahaolanam-pihariana ho an'ireo tsy manana ihany koa anefa dia tena ilaina maika. Ny ezaky ny firenena dia tokony hifantoka any amin'ireo laharam-pahamehana ireo. Fa isika mpiaro ny tontolo iainana kosa dia manana adidy amin'ny fiarovana ny ho avy. Ary ny ho avy dia miankina indrindra amin'izay omen'ny natiora antsika. Raha tsy misy natiora, tsy misy ny ho avy. Anio indrindra dia manana adidy ny hiaro ny harena voajanahary isika, na dia zava-poana aza izany eo imason'ny sasany.

Tsy mora ny ady hatrehitsika ary maro ny tsy mahatakatra izany. Fa raha tsy isika no hanao izany, dia iza? Raha tsy anio no tontosaintsika izany, dia rahoviana? Rariny ny ady atrehitsika ka tokony ho tozinantsika hatrany.

Anio, hamehana iray no mijady amintsika ny famonjena ny faritra arovana Menabe Antimena. Lahatsoratra iray no natokana ho an'izany anatin'ito gazety ito. Andao hiara-hientana sao ho taraiky !

Alain Liva Raharijaona,  
Tale Mpanatanteraka

momba ny Fandraisan'andraikitra ara-mpiaramonin'ny orinasa (Responsabilité Sociétale des Entreprises (RSE)), ny 23 martsa 2021 tao Antsirabe. Ny fanentanana ny sehatra tsy miankina sy ireo manampahefana hametraka drafitr'asa RSE ho an'ny faritra Vakinankaratra manokana no tena tanjon'ity fihaonana ity.

Nandritra ny famelabera-kevitra dia nanolotra ny paikadim-pirenena RSE ny Minisitry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra (MEDD). Notohizan'ny MBG tamin'ny fampahafantarana ny faritra arovana lbity sy ny harenany ho an'ny faritra Vakinankaratra izany. Ny fandraisan'ny FAPBM anjara tamin'ity hetsika ity dia mifandraika indrindra amin'ny ezaka ataony hamporisihana ireo sehatra tsy miankina handray anjara amin'ny fiarovana ny harena voajanahary eto Madagasikara, amin'ny alàlan'ny famatsiam-bola ireo faritra arovana.

## Noraisin'ny masoivoho Anglisy ny FAPBM

Ny masoivohon'ny Firenena Anglisy eto Madagasikara, Andriamatoa David Ashley, dia nandray ny tale mpanatanterakin'ny FAPBM, Alain Liva Raharijaona, ny 09 martsa 2021. Nampahafantariny ny ambasadaoro tamin'izany ny fahavononan'ny firenena Anglisy hanampy an'i Madagasikara amin'ny fiarovana ny harena ara-boajanahary eto an-toerana. Madagasikara dia anisan'ireo firenena tena voakasiky ny fiovan'ny toetr'andro, navoitran'Andriamatoa ambasadaoro tamin'io fihaonana io ihany koa ny maha-zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny firenena Malagasy any amin'ny COP26 miompana indrindra any amin'ny fiovan'ny toetr'andro (Glasgow, Novambra 2021). Ho dinihina amin'ny fifanakalozana manaraka ny manodidina ireo mety ho lalam-piaraha-miasa.

## FIARAHA-MIASA

### Orinasa Vakinankaratra miaraintana ho an'ny faritra arovana lbity

Namaly ny fanasana nalefan'ny Missouri Botanical Garden (MBG), mpitantana ny faritra arovana lbity, ny Tale Mpanatanteraky ny FAPBM, Alain Liva Raharijaona. Ka dia nandray anjara tamin'ny hatrik'asa



(C) FAPBM

**FARITRA AROVANA**

**Potika Menabe Antimena : Fambara-loza ho avy**



Nampatsiahy ireo olana efa saika adino mianjady alin'ny ny faritra arovana Menabe Antimena (APMA) ireo lahatsoratra an-gazety nivaoka vao aingana. Ripaka tao anatin'ny 10 taona monja ny 40%-ny faritra arovana vaovao ao Menabe (Andrefan'i Madagasikara), ahitana ny Lalamben'ny Baobaba[1]. Araka ny vinavinan'ny WWF Madagascar, amin'ny 2050, dia hahiana tsy hisy intsony izany ny Lalamben'ny Baobaba dia miorina eo anelanelan'i Morondava sy Belon'i Tsiribihina ao ami[2]. Fifindra-monina noho ny haintany any atsimo, fambolena katsaka sy voanjo tsy ara-dalàna, tavy, fanapahana hazo, kolikoly, fahantrana ary ny fiovan'ny toetr'andro dia samy tsindry mihatra amin'ny APMA avokoa[1]. Na efa fantatra aza ny antony, manano sarotra ho an'ireo mpisehatra ny mametraka vahaolana maharitra. Fa inona no tena anton'ny fiarovana azy io?

- Harena voajanahary anisan'ireo be mpitsidika indrindra eto Madagasikara. Mpivahiny an-hetsiny isan-taona, na ny tera-tany na ireo vahiny, no manampy amin'ny famoronana asa sy mampitombo ny fidiram'bola ao amin'ny faritra;
- Ala maina matevina no tena mandrakotra ny APMA. Izy io dia mitazona ny nofon-tany sy ny rano noho ny fakan'ny zavamaniry mandrafitra azy ka noho izany dia manampy amin'ny fanoherana ny fikaohon'ny riaka ny tany sy miaro amin'ny haintany;
- Ny baobaba no hazo any sisa tavela eo amin'ny ala potika. Raha tsy misy ramanavy sy varika, manampy amin'ny fiforonan'ny ala, dia tandindonin-doza imani koa ireo. Ankehitriny nefa, dia efa saika nanjavona avokoa ny ala fonenan'ny ireo biby ireo;
- Ankoatry ny maha-fitehirizan-drano goavambe azy, mahazaka hatramin'ny 100.000 litatra ny vatany, ny baobaba dia manome vokatsoa hafa. Ny voankazony ohatra dia ampiasaina amin'ny fitsaboana nentim-paharazana (manohitra ny tazo, fanaintainana sy fivalanana), ny indostrian'ny sakafo (ranom-boankazo sy famonoana bibikely voajanahary), ny kosmetika;
- Menabe Antimena ihany koa dia ala honko, manana

anjara asa lehibe eo amin'ny fanalefahana ny fiovan'ny toetr'andro. Tsy hoe mpisambotra sy mpitahiry karbonina fotsiny, ny honko ihany koa dia miaro amin'ny fikaohon'ny ranomasina ny tany sy ireo loza voajanahary mety hitranga, toy ny tondra-drano, haintany ary rivodoza.

Ny fahapotehan'ny APMA ankehitriny dia hitarika antsika mivantana amin'ny loza maha-olona satria rahampitso, ireo mponina ireo dia sady tsy hanana akora hivelomana no tsy hanana fidiram-bola. Vonjeo Menabe Antimena!

Loharano nanovoazan-kevitra :

[1] Save Menabe Antimena, Kilaza Mars 2020, AVG

[2] [https://www.youtube.com/watch?v=T\\_oAxzi4Zv0](https://www.youtube.com/watch?v=T_oAxzi4Zv0)

VELARANA TENY AMPIANDOHANA

212 310 ha

<p>1973-2010</p> <p style="font-size: 8px; color: gray;">fihenana</p> <p style="font-size: 18px;">71 390 ha</p>	<p>1992-2010</p> <p style="font-size: 8px; color: gray;">velarana very</p> <p style="font-size: 18px;">872 ha</p> <p style="font-size: 8px; color: gray;">isan-taona</p>	<p>2010-2014</p> <p style="font-size: 8px; color: gray;">velarana very</p> <p style="font-size: 18px;">3 295 ha</p> <p style="font-size: 8px; color: gray;">isan-taona</p>
---	--	--

TAHAM-PANDRIPAHANA ALA ISAN-TAONA

631 ha

TSINDRY SY LOZA MITATAO

<p style="font-size: 8px; color: gray;">Fanamarinan-toerana Doro tanety Fihazana</p>	<p style="font-size: 8px; color: gray;">Fanapahana tsy ara-dalàna Famokarana arina fifindra-monina</p>
<p style="font-size: 8px; color: gray;">Fanovàna sy fitsifana ny honahona</p>	
<p style="font-size: 8px; color: gray;">Fanariana sira ao amin'ny farihy aorian'ny famokarana trondro</p>	<p style="font-size: 8px; color: gray;">Fampidirana zava-maniry manimba ala Fihovan'ny toetr'andro</p>

Tsy fanajana ireo lalàna mifehy ny jono ( fitaovana voarara, fotoana fikaton'ny farihy, fampiasana pozina)

## Laodrano, fomba fitantanana maharitra ny harena anaty rano

Any amin'ity tanàna kely ao anatin'ny distrikan'Antsalova ity (faritra Melaky, andrefan'ny Madagasikara), ny laodrano dia lanonana entina manokatra ny vanim-potoanan'ny jono. Tao aorian'ny fiatoana noho ny vanim-potoana fanatodizan'ny trondro (7 volana eo ho eo, novambra hatramin'ny may), dia vonona handray ny lakana, ny fivohy ary ny haratony indray ireo mpanjono. Isan-taona, rehefa volana Jona, dia manolotra voalohan-jono sy omby ho sorona ho an'ny zanahary sy ireo razana, mitoby ao amin'ny Farihin'Antsamaka, ireo mpanjono. Izany dia entiny ho fangataham-pitahiana. Ity fomban-drazana ity dia nanampy betsaka tamin'ny fitantanana maharitra ny harena anaty rano ao amin'ny ity faritra arovana Tsimembo Manambolomaty ity.

Io faritra arovana io dia mampivondrona fiaraha monin-java-boahary hitana ala maina ao Tsimembo, tanety lava volo, ary ireo farihy 4 lehibe any Befotaka, Soamalipo, Ankerika ary Antsamaka, renirano mivarina ao anatin'ny reniranon'i Manambolomaty. Tamin'ny taona 2020, mpanjono efa ho 293 sy ireo fiankaviany no miankina amin'ireo renirano ireo. Mivondrona anaty fikambanana izy ireo ary mandray anjara amin'ny hetsika fanaraha-maso sy fanaovana andrimaso io faritra arovana io.

Nanomboka tamin'ny 2011 ny FAPBM dia nanohana ny fitantanana ny faritra arovana Tsimembo Manambolomaty. Vokatry'izany fanampiana izany, ny ONG The Peregrine Fund, mpitantana io faritra arovana io, dia nilatsaka an-tsehatra amin'ny fandaminana ny asa fanjonona. Ary nanolotra lakana vita amin'ny « fibre de verre » (karazana plastika) ho an'ireo mpanjono, ka nampiana indrindra ny fanapahana hazo ho fandrafetana lakana. Manaraka izany, notolorana harato manana mason-tzivana lehibe manaraka ny fenitra mahazatra ireo mponina mba ampahateza ity asa fitadiavana ity. Tamin'ny taona 2020, nahatratra 207,458 taonina ny famokarana trondro lena, raha toa ka 16,7 taonina ny trondro maina. Ny fikambanana dia manatomboka ireo vokany eny amin'ny tsenan'i Morondava, Antsirabe ary Antananarivo.

Raha tia hanohana ny fikambanan'ny mpanjono : radonatien2@gmail.com



© FAPBM

## SAMIHAF

### Ny FAPBM, mpikambana eo anivon'ny biraon'ny ARSIE

Ny fivoriam-ben'ny Association du Réseau des Systèmes d'Information Environnementale (ARSIE), dia natao ny 11 martsa 2021 lasa teo, tao Antananarivo. Nandritra io fihaonana io dia voafidy ho isan'ny biraon'ny maharitra ny ARSIE mandritra ny roa taona ny FAPBM, izay nosoloin'ny tompon'andraikitra ny fanaraha-maso sy toman'ezaka, Serge Ratsirahonana, tena. Ny ARSIE dia rafitra fandrindrana sy fifanakalozana ho an'ireo fikambanana sy olona mamokatra, mampiasa ary mikirakira tahiri-pahalalana mikasika ny tontolo iainana. Isan-taona, ny fivoriam-ben'ny ARSIE dia fotoana hanaovana tatitra mahakasika ny vola sy ny asa vita nandritra ny taona lasa ary hanehoana ny drafitr'asa ho an'ny taona diavina. Tamin'ity taona ity kosa dia niampy ny fifydianana ny biraon'ny mpanatanteraka ny fandaharam-potoana. Ka ireto olona/fikambanana manaraka ireto no mandrafitra izany :

- Andry RAKOTOMANJAKA (consultant FAO), Filoha,
- Voninavoko RAMINOARISOA (Asity), Filoha lefitra,
- Pierre RAHAGALALA (ONE), Mpitambola,
- MEDD, WCS, VAHATRA Association, WRI-Hay Tao, FAPBM, Mpanolotsaina.

Nanomboka tamin'ny taona 2018, no nanatevin-daharana ny ezaky ny fiarahamonim-pirenena malagasy ny FAPBM, hanangona lahatahiry marim-pototra momba ny fiarovana ny zava-boahary, hahafahany manamafy ny hay-taky ataony.

Raha tia hahalala misimisy koakoa : [www.arsie.mg](http://www.arsie.mg)

### Fanombohana ny toman'ny tetikady 2017-2021

Hifarana amin'ity taona ity ny drafitra stratejikan'ny FAPBM ho an'ny taona 2017-2021. Noho izany dia manao toman'ezaka ahafahana indray mamolavola tetikady ho an'ny dimy taona manaraka. Manoloana ny zava-misy ankehitriny sy ireo fanamby vaovao atrehin'ny tontolo iainana sy ireo faritra arovana, ny FAPBM dia maniry indrindra ny hampifandraika ny tetikadiny amin'ny olona atrehin'ireo mpisitraka ny fanohanany.

Raha tsiahivina, ny drafitra stratejika 2017-2021 dia nametraka ny tanjona ankapobeny amin'ny hamatsiana ara-bola ny iray ampahatelon'ny filan'ny faritra arovana amin'ny 2021. Ity tanjona ity dia voarafitra manodidina ny lohahevitra telo lehibe:

- Lohahevitra 1 : Fampitomboana loharanom-bola ho fiarovana ny harena voajanahary sy ny faritra arovana;
- Lohahevitra 2 : Fampiasana mahomby ny famatsiam-bola zaraina;
- Lohahevitra 3 : Fanamafisana ny fahombiazan'ny faritra arovana.

# MADAGASCAR LEMURS PORTAL

**MIAINGA AMIN'NY FAHALALANA MANKANY  
AMIN'NY NY FIAROVANA NY VARIKA**



Tamin'ny 2020, 31%-n'ireo karazam-barika no notandindonidoza araka ny lisitra menan'ny Union Internationale pour la Conservation de la Nature (IUCN). Ny varika dia harena tsy manam-paharoa, izay tsy hita afa-tsy eto Madagasikara ihany, manana andraikitra lehibe eo amin'ny fitomboan'ny ala izy. Kanefa iharan'ny fihazana tsy ara-dalàna sy ny fanimbana ny ala fonenany.

Fanamby lehibe eo amin'ny fiharovana ny varika ny fandinihana ireo firaketana momba ny zava-boahary mialoha ny handraisana fanapahan-kevitra.


Mba hiatrehana izany fanamby izany, ny Madagascar Lemurs Portal, amin'ny alàlan'ny tranokalany, dia nilofo tamin'ny fampahafantarana ny gidro, nanomboka ny taona 2016. Sehatra fifanakalozana sy fizarana tahirin-kevitra, ny Lemurs Portal dia mampifandray ireo mpisehatra eo anivon'ny fiarovana ny varika : mpianatra, fiaraha-monina, siantifika, mpankafy, manam-pahefana, olom-pirenena, sns.

Ny tetik'asa dia novatsian'ny tsangan'asa amerikanina JRS Biodiversity Foundation vola hatramin'ny 31 martsa 2021. Mifandrobona amin'ny fitantanana azy ny FAPBM, WCS Madagascar, GERP ary IUCN. Ankehitriny anefa, fanamby ny hampaharitra azy. Noho izany dia manao antso avo ho an'ireo malala tanana ho fitohizanan'ny asan'ny Madagascar Lemurs Portal ireo mpiara-mitantana.

**MAMPIASA ILAY APPLICATION ANDROID  
"MADAGASCAR LEMURS PORTAL"**

**WWW.LEMURSPORTAL.ORG**

## NANOMBOKA NY TAONA 2016



TAHIRY FENO MAHAKASIKA  
VARIKA **112** KARAZANA



**30**  
MPAHAY VARIKA MANAMARINA  
IREO TAHIRIN-KEVITRA



**+1 200**  
TARATASIM-PIKAROHANA  
MOMBA NY VARIKA



TOPIMASON-TSARITANY



**+16 000**  
TAHIRIN-KEVITRA AZO AVY  
AMIN'NY FANDINIHANA VARIKA




**+72 000**  
MPITSIDIKA NY TRANON-KALA  
**+500**  
MPAMPIASA NISORATRA ANARANA



**+20**  
LOHAHEVITRA NIFANAKALAZANA  
TAO ANATY FORUM EN LIGNE

**+400**

OLONA NAMPAHAFANTARINA  
TANY ANATIN-IREO FIVORIAM-BE



**15**  
FAMPITOMBOANA FAHAIZA-MANAO



**8** FARITRA NOTSIDIHINA